

PERIKOPA ALAHADY 18 Janoary 2026
(Péricope du Dimanche 18 Janvier 2026)

Salamo / Psaume 40
Isaia / Esaïe 49 : 3 - 6
1 Korintiana / 1 Corinthiens 1 : 1 - 3
Jaona / Jean 1 : 29 -34

**« Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana
avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. »**

« Que Dieu notre Père et le Seigneur Jésus-Christ vous bénissent et vous donnent la paix !. »

1 Korintiana / 1 Corinthiens 1.3

SALAMO 40 (MRV)

1Niandry fatratra NY TOMPO aho
dia niondrika nitsinjo ahy Izy ka nandre ny fitarainako.
2Nampiakatra ahy avy tao amin'ny lavaka fandranganana Izy;
eny, tamin'ny fotaka mandrevo;
nampitoetra ny tongotro teo ambony vatolampy Izy
ka nampijoro ahy.
3Nanisy hira vaovao teo am-bavako Izy,
dia fiderana an'Andriamanitsika;
maro no hahita sy hatahotra
ary hatoky NY TOMPO.
4Sambatra ny olona izay manana NY TOMPO ho tokiny
ka tsy mivily ho naman'ny mpiavonavona
na ny mpiampanga lainga!
5Nohamaroinao ny fahagagana sy ny hevitra izay nataonao ho anay,
TOMPO Andriamanitra ô,
tsy misy azo ampitahaina aminao;
raha tiako hambara sy holazaina ireny dia indro, maro loatra ka tsy tambo isaina.
6Ny fanatitra alatsa-dra sy ny fanatitra avy amin'ny zavamaniry dia tsy mba sitrakao.
Nanokatra ny sofiko lanao;
ny fanatitra dorana manontolo sy ny fanatitra noho ny ota dia tsy mba nilainao.
7Dia hoy aho: Inty aho tonga;
ao amin'ny horonam-boky no nanoratana ahy.
8Ny hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô, no sitrako
ary ny lalànanao no ato anatiko.
9Nanambara teny mahafaly ny amin'ny fahamarinana teo amin'ny fiangonan-dehibe aho;
indro, tsy mba nakomboko ny molotro;
TOMPO ô, lanao no mahalala!
10Tsy mba nafeniko tato am-poko ny fahitsianao,
ny fahamarinanao sy ny famonjenao no nambarako;
tsy nanafina ny famindramponao sy ny fahamarinanao
tamin'ny fiangonan-dehibe aho.
11lanao, TOMPO ô, aza manakana ny antranao tsy ho amiko;
aoka ny famindramponao sy ny fahamarinanao no hiaro ahy mandrakariva.
12Nanodidina ahy ny loza tsy tambo isaina;
nahazo ahy ny heloko
ka tsy mahazaka mijery azy aho;
maro noho ny volon-dohako ireny
ka reraka ny foko.
13Aoka ho sitrakao, TOMPO ô, ny hanafaka ahy!
TOMPO ô, faingàna hamonjy ahy!
14Aoka ho indray hitsanga-menatra sy hangaihay
izay mitady hanaisotra ny aiko;

aoka hiamboho sy hitsanga-menatra
izay maniry ahy hidiran-doza!
15Aoka ho ankona noho ny fahamenarany
ireo izay milaza amiko hoe: Hia! Akory izay!
16Aoka ho faly sy ho ravoravo Aminao
izay rehetra mitady Anao!
Aoka izay rehetra tia ny famonjenao
hiteny mandrakariva hoe: Lehibe NY TOMPO!
17Na dia ory sy mahantra aza aho
dia ny Tompo no mihevitra ahy.
Mpamonjy sy Mpanafaka ahy lanao;
aza ela, Andriamanitro ô!

PSAUME 40 (PDV)

*2J'ai mis tout mon espoir dans le Seigneur :
il s'est penché vers moi, il a écouté mon cri.
3Il m'a fait remonter du puits sans fond, de la boue des profondeurs.
Il a dressé mes pieds sur le rocher, il a rendu mes pas plus sûrs.
4Dans ma bouche, il a mis un chant nouveau,
une louange pour lui, notre Dieu.
Beaucoup verront cela,
ils respecteront le Seigneur et ils auront confiance en lui.
5Il est heureux, l'homme qui met sa confiance dans le Seigneur.
Il ne se tourne pas vers les orgueilleux et les amis du mensonge.
6– Seigneur mon Dieu,
pour nous, tu as fait tant de choses étonnantes, de si beaux projets !
Personne n'est égal à toi !
Je voudrais l'annoncer et le redire encore,
mais il y en a trop pour tout raconter.
7Tu ne veux ni sacrifices ni offrandes,
cela, tu me l'as fait comprendre.
Tu ne demandes ni animaux complètement brûlés,
ni sacrifices pour le pardon des péchés.
8Alors j'ai dit : « Me voici, je viens à toi.
Dans le rouleau d'un livre, je trouve écrit ce que je dois faire. »
9Mon Dieu, je veux faire ce qui te plaît,
et ta loi est au fond de mon cœur.
10Dans la grande assemblée,
j'annonce cette bonne nouvelle : le Seigneur rend libre.
Je ne peux pas me taire, Seigneur, tu le sais.
11Tu m'as libéré, je ne veux pas garder cela au fond de mon cœur.
Alors je dis : « Le Seigneur est fidèle et il nous sauve. »
Dans la grande assemblée, je ne cache pas ton amour ni ta fidélité.
12Toi, Seigneur, tu ne me refuseras pas ta tendresse,
ton amour et ta fidélité me protégeront toujours.
13Oui, des malheurs pleuvent de tous côtés, je ne peux pas les compter.
Mes fautes retombent sur moi, elles m'empêchent de voir clair.
Elles sont plus nombreuses que les cheveux de ma tête,
et je suis complètement découragé.
14Je t'en prie, Seigneur, délivre-moi,
Seigneur, au secours, viens vite !
15Ceux qui veulent ma mort, couvre-les tous de honte !
Ceux qui cherchent mon malheur, chasse-les, qu'ils perdent leur honneur !*

16Ceux qui se moquent de moi en disant : « Ha ! Ha ! »,
que la honte leur ferme la bouche !

17Mais tous ceux qui te cherchent,
qu'ils dansent de joie à cause de toi !

Ceux qui t'aiment, toi le sauveur,
qu'ils disent sans cesse : « Le Seigneur est grand ! »

18Moi, je suis malheureux et pauvre, mais le Seigneur pense à moi.
Tu es mon secours et mon libérateur, mon Dieu, viens vite !

ISAIA 49 : 3 - 6 (MRV)

3 Hoy Izy tamiko: Mpanompoko lanao, ry Israely ô, izay entiko mampiseho ny voninahitro.

4 Fa hoy kosa Aho: Foana ny niasarako, zava-poana sy tsinontsinona no nandaniako ny heriko; kanefa ao amin'NY TOMPO ny rariny tokony ho Ahy, ary ny valin'ny asako dia ao amin'Andriamanitra.

5 Ary ankehitriny dia hoy NY TOMPO izay namorona Ahy hatrany am-bohoka ho Mpanompony, hampodiana ny Jakoba ho ao Aminy indray sy hamoriana ny Israely ho ao Aminy; fa mahazo voninahitra eo imason'NY TOMPO Aho, ary Andriamanitra no heriko.

6 Eny, hoy Izy: Mbola zavatra kely foana raha tonga Mpanompoko hanandratra ny firenen'i Jakoba lanao ary hampody ny Israely sisa voaaro; fa hataoko ho fanazavana ny Jentilisa koa lanao mba hitondra ny famonjeko hatrany amin'ny faran'ny tany.

ESAÏE 49 : 3 - 6 (PDV)

3 Il m'a dit : « Israël, tu es mon serviteur. Par toi, je montrerai ma gloire. »

4 Moi, je me suis dit : « Je me suis donné du mal pour rien, je me suis fatigué inutilement, sans résultat. »
Pourtant, le Seigneur me fera justice, il garde en réserve ma récompense.

5 Et maintenant, le Seigneur a parlé. Il m'a formé dès avant ma naissance pour que je sois son serviteur. Il veut que je ramène vers lui les enfants de Jacob, que je rassemble le peuple d'Israël. Le Seigneur tient à moi, et ma force, c'est mon Dieu.

6 Il m'a dit : « Tu es à mon service pour relever les tribus d'Israël et pour ramener ceux qui sont restés en vie dans le peuple de Jacob. Mais ce n'est pas tout. Je vais faire de toi la lumière des autres peuples pour que mon salut arrive jusqu'au bout du monde. »

1 KORINTIANA 1 : 1 - 3 (MRV)

1 I Paoly, voaantso ho apostolin'i Jesosy Kristy noho ny sitrapon'Andriamanitra, sy i Sostena rahalahy,
2 no mamangy ny fiangonan'Andriamanitra any Korinto, dia izay nohamasinina ao amin'i Kristy Jesosy, olona voaantso sady masina, mbamin'izay rehetra miantso ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontosika eny amin'ny tany rehetra, dia izay sady Tompon'ireny no Tompontosika koa:

3 Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo.

1 CORINTHIENS 1 : 1 - 3 (PDV)

1 Moi, Paul, j'ai été appelé à être apôtre du Christ Jésus parce que Dieu l'a voulu. Avec Sostène notre frère,
2 j'écris à l'Église de Dieu qui est à Corinthe, à ceux qui appartiennent à Dieu par le Christ Jésus. Dieu les appelle à vivre pour lui, avec tous ceux qui, partout, font appel au nom de notre Seigneur Jésus-Christ, leur Seigneur et le nôtre.

3 Que Dieu notre Père et le Seigneur Jésus-Christ vous bénissent et vous donnent la paix !

JAONA 1 : 29 - 34 (MRV)

29 Nony ampitso dia nahita an'i Jesosy avy manatona azy i Jaona ka hoy izy: Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao!

30 Izy ilay nolazaiko hoe: Misy Lehilahy tonga avy ao aorianako izay efa tonga eo alohako satria talohako izy.

31 Ary tsy nahalala Azy aho; fa mba hanehoana Azy amin'ny Israely dia izany no niaviako manao batisa amin'ny rano.

32 Ary i Jaona no vavolombelona nanambara hoe: Izaho dia nahita ny Fanahy nidina avy tany an-danitra tahaka ny voromailala ka nitoetra teo amboniny.

33 Ary tsy nahalala Azy aho; fa izay naniraka ahy hanao batisa amin'ny rano no nilaza tamiko hoe: Izay ho hitanao idinan'ny Fanahy sy itoerany dia Izy no Mpanao batisa amin'ny Fanahy Masina.

34 Ary nahita aho ka mijoro ho vavolombelona fa Izy no Zanak'Andriamanitra.

JEAN 1 : 29 - 34 (PDV)

29 Le jour suivant, Jean voit Jésus qui vient vers lui. Et il dit : « Voici l'agneau de Dieu qui enlève le péché du monde.

30 C'est de lui que j'ai parlé quand j'ai dit : "L'homme qui vient après moi est plus important que moi, parce qu'il existait avant moi."

31 Moi, je ne le connaissais pas. Mais je suis venu baptiser dans l'eau pour le faire connaître au peuple d'Israël. »

32 Et voici le témoignage de Jean : « J'ai vu l'Esprit Saint descendre du ciel comme une colombe et il est resté sur Jésus.

33 Moi, je ne le connaissais pas. Mais Dieu, qui m'a envoyé baptiser dans l'eau, c'est lui qui m'a dit : "Tu verras l'Esprit Saint descendre et rester sur un homme. Et c'est lui qui baptise dans l'Esprit Saint."

34 Moi, j'ai vu et j'en suis témoin : cet homme-là, c'est le Fils de Dieu. »